Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Mars 2017

I - Teny mahavelona

Tenin'Andriamanitra : Jo 15, 1-11

1Izaho no tena foto-boaloboka, ary ny Raiko no mpamboly. 2Ny sampana rehetra tsy mamoa eo amiko dia esoriny, ary izay rehetra mamoa dia rantsanany mba hampamoa azy bebe kokoa. 3Efa madio hianareo izao, noho ny fampianarana nataoko taminareo. 4Mitomoera ao amiko, ary izaho hitoetra ao aminareo. Fa ny sampana izay tsy miray amin'ny foto-boaloboka tsy mahazo mamoa ho azy, ary toy izany koa hianareo raha tsy mitoetra ao amiko. 5Izaho no foto-boaloboka, ary hianareo no sampany. Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be, satria raha tsy izaho dia tsy mahefa na inona na inona hianareo. 6Izay tsy mitoetra ao amiko dia ariana any ivelany tahaka ny sampana ka maina; ary hangonina ny sampana ka hatsipy ao anaty afo, dia may. 7Raha mitoetra ao amiko hianareo ka mitoetra ao aminareo ny teniko, dia hangataka izay tianareo hianareo, ka hatao aminareo izany. 8Ho voninahitra ho an'ny Raiko raha mamoa be hianareo sy tonga mpianatro. 9Tahaka ny nitiavan'ny Ray ahy no nitiavako anareo koa, ka mitomoera amin'ny fitiavako hianareo. 10Raha mitandrina ny didiko hianareo no hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy itoerako amin'ny fitiavany. 11Izaho no milaza izany aminareo, dia mba ho ao aminareo ny fifaliako, ary mba ho lavorary ny fifalianareo.

FANAZAVANA FOHY :

- Ny Tenin'Andriamanitra aroso amintsika dia mampiseho fa i Kristy, ilay tena foto-boaloboka, ny Ray no mpamboly, ary isika no sampana raha toa ka manaiky ny hitoetra eo aminy sy itoerany.
- Ny angatahin'i Jesoa amintsika, indrindra ao anatin'izao fotoan'ny karemy izao, raha te-hamoa be isika, dia ny fandrantsanana. Izany hoe manaiky ny hanesorana eo amintsika izay rehetra manakana antsika tsy hiombona tanteraka aminy. Mitaky fandavan-tena sy sakrifisy izany, nefa mitondra vokatra be sy hafaliana feno rehefa avy eo. Ny Martiry sy ny olomasina no mijoro ho vavolombelona manamarina izany amintsika.
- Hazavain'i Jesoa ny hevitry ny hoe « ***mitoetra ao amin'ny fitiavany*** » dia ny fitandremana ny didiny, izay tsy inona fa ny fihainoana ny Teniny ary ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana.
- Tsy afaka ny hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny hafa isika raha tsy mitoetra ao amin'i Jesoa sy itoerany. Raha miombona tanteraka aminy isika dia azo antoka fa hamoa be. Ka ny zavatra kendrena amin'izany dia tsy ny voninahitra ho antsika, fa ny voninahitra ho an'ny Ray, araka ny voalazany hoe : « ***Ho voninahitra ho an'ny Raiko raha mamoa be hianareo sy tonga mpianatro*** ».

FANDALINANA

1. Manokàna fotoana ary mitadiava toerana mangina mba hahafahanao mandinika hoe inona avy ireo tokony ho rantsanana eo aminao mba hahafahanao mamoa araka izay andrasan'Andriamanitra aminao. Rehefa vita izay dia manoratra vinavinam-piainana (projet de vie) entinao hanatsarana sy hanamafisana ny fiombonanao amin'i Jesoa.
2. Hoy i Jesoa : « 7Raha mitoetra ao amiko hianareo ka mitoetra ao aminareo ny teniko, dia hangataka izay tianareo hianareo, ka hatao aminareo izany » : manorata vavaka fangatahana ho an'ny mission izay kasaintsika ho tanterahina, ho an'ireo olona mety hanirahana anao.

II - Vatsy

NY FAMONJENA TADIAVINA SY ATERIN'IREO LAHIKA

Ankafaliana indray ary no irahabana antsika tanora rehetra mpikatroka ato amin'ny VO.SA.MI.amin'izao volana martsa izao Tafiditra ao anatin'ny vanim-potoanan'ny karemy isika. Vanim-potoana iomanana amin'ny Paka. Fotoana fihavaozana, anovozana herim-panahy vaovao ary irosoana bebe kokoa hatrany amin'ny fandavorariana ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra. Koa samia àry mahereza.

Hifantoka hatrany amin'ny hafatry ny Fiangonana isika amin'ity fifampizarana ity, ary ny laharana faha-33 ao amin'ny foto-pampianarana momba ny Fiangonana Fahazavan'izao tontolo izao na « Lumen gentium » no hidinihintsika sy hiaingana amin'ity volana ity. Ka ny mikasika ny famonjena tadiavina sy aterin'ny lahika no horesahina amin'izany.

1. **Voaantso hanitatra sy hanamasina ny Fiangonana ny lahika**

Ambara fa ny lahika no mivondrona ho iray ary mandrafitra ilay Vatana masin'i Kristy, izay Loha, dia ny Fiangonana izany. Noho izany tsy mandeha irery ny lahika, na heverina ho tsy misy ilàna azy na tsy manana dikany ao amin'ny Fiangonana. Mandrafitra ny tenan'ny Fiangonana izy ireo ; vita batemy ka miray amin'i Kristy ary miray amin'ireo vita batemy rehetra ihany koa.

Noho izany dia mpianatr'i Kristy izy ireo. Ka raha mpianatr'i Kristy dia mpanara-dia Azy ary voairaka ihany koa. Koa ambara ary fa "***voaantso hanitatra sy hanamasina hatrany ny Fiangonana***"[1] izy. Ny hoe "hanitatra" dia azo hazavaina hoe mampitombo, manalehibe, manaparitaka, mampiely, mampivelatra. Ka ny Fiangonana itarina, dia ilay Fiangonana fiombonan'ny mpino mpanara-dia an'i Kristy, mba hieli-patrana maneran-tany; ary indrindra ny Vaovao Mahafaly no torina mba hohenon'ny olona rehetrana aiza na aiza misy azy indrindra fa ao amin'ny fiaraha-monina. Manana anjara lehibe amin'izany ny lahika ary "ny heriny rehetra natosaky ny Mpahary amin'ny alalan'Ilay Mpanavotra no hatambany amin'izany". Izany hoe tsy tokony hikely soroka izy ireo fa hahatsapa fa tompony manana adidy amin'izany amin'ny maha mpianatr'i Kristy azy ireo.

2. **Ny apôstôlan'ny lahika**

Ambara ary fa « ***ny apôstôlan'ireo lahika dia ny fandraisana anjara amin'ny fanirahana ny Fiangonana hamonjy*** »[2]. miara-miasa amin'ny Fiangonana hitondra ny famonjena ho an'ny mpiara-belona. Ny sakramentan'ny Batemy sy ny Fankaherezana no hanampy azy amin'izany, ireo no sakramenta maniraka azy ireo hiasa ho an'i Kristy sy noho i Kristy. Ny Eôkaristia kosa irafetana sy ifaharana tanteraka amin'Andriamanitra, manam-bara ilay firaisana aina Aminy tanteraka.

Hita miharihary koa fa tena ao ny Fiangonana ary tena miasa Izy rehefa eo lahika ka mandray ny andraikiny ka mirotsaka an-kafanam-po. ***« Tonga mpanatrika sy mpirotsaka ny Fiangonana rehefa eo Izy ireo »***. Raha tsy eo ny lahika, ohatra, amin'ny fampianarana katesizy sy ny fitantanana ny fikambanana masina isankarazany dia tsy handeha mihitsy ny fampielezana ny finoana ao amin'ny faritra iray. Raha tsy eo ny lahika amin'ny fanampiana amin'ny fitantanana ny vahoakan'Andriamanitra dia ho matimaty ihany ny Fiangonana ao amin'ny toerana iray. Koa irariana sy angatahina ny fijoroan'izy ireo ho iraka izany hoe ho kristianina mandray andraikitra. Izany no ijoroany ho fanasin'ny tany sy ho fahazavan'izao tontolo izao. Samy manana ny talentany sy ny fanomezan'Andriamanitra ho Azy ny tsirairay, ireny no ampiasainy, na aiza na aiza misy azy, hijoroany ho vavolombelona sy ho fitaovana hanatontosan'ny Fiangonana ny asany.

3. **Farimbon'asa iarahana amin'ny mpitondra[3].**

Efa voambara teo aloha fa mifameno amin'ny asan'ny mpitondra ny andraikitra sahanin'ny lahika. Mpanampy azy ireo izy tahaka ireo lehilahy sy vehivavy nanampy an'i Paoly teo amin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly. Noho izany azo anakinana andraikitra tsara izy ireo ary vonona manatanteraka izany am-piraisan-tsaina amin'ny mpitondra. Vonona hanolotra ny fiainany sy ny talentany miaraka amin'ny fahasoavan'Izy Tompo.

Fa ankoatran'izay dia izy ireo ihany koa no manampy ny mpitondra amin'ny fitadiavana ny ho enti-manana amin'ny fanatontosana ny asan'ny Fiangonana. Miara-misalahy sy miara-mandinika izy ireo izay fomba tsara sy mahomby ho an'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly sy ny sahanin'ny Fiangonana.

4. **Ny irariana**

[1] Lumen gentium N°33,1.
[2] LG N°33,2.
[3] LG N°33,3

Raha izay voalaza izay ary no dihinina sy jerena dia hita miharihary fa tsy mpitazana fotsiny ny lahika; tena mpandray anjara feno amin'ny asan'ny Fiangonana izy. Anisan'ny maneho ny maha izy azy ny lahika izany. Koa miangavy sy manentana ny lahika rehetra ny Kônsily, ny Fiangonana, mba ho mpikatroka mafana fo ny tsirairay na aiza na aiza misy azy, na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona. Ary irariana mba hisokatra hoan'izy ireo ny làlana sy ny fahafahana manao izany asa sy andraikitra izany. Hamporisihana ny tsirairay mba tsy ho variana na ho mpitazana fotsiny.

Raha ny rehetra no samy mandray anjara amin'ny fanintarana ny Fanjakan'Andriamanitra dia ho mafy orina ny finoan'ny tsirairay, ny fianakaviana sy ny fiaraha-monina.

5. Hafatry ny sinaody aty Afrika

Ny sinaody na ny Fivoriambe faharoa manokana ho an'I Afrika dia nandinika manokana ny *"momba ny Fiangonana aty Afrika mirotsaka eo amin'ny sehatry ny famintranam-pihavanana ary ny fampanjakana ny rariny sy ny fiadanana"*[4]. Iarahan'ny be sy ny maro fa mikorontana ary tsy mirindra ireo zavatra telo ireo aty Afrika. Rava ny fihavanana; manjaka ny kolikoly sy ny tsy rariny ary ny fanararaotana sy ny fanambakana; tsy mandry fahalemana ny ambanilanitra fa tebiteby sy korontana ary ahiahy lava no iainana. Mila fanarenana izany, mila fandinihana lalina mba hirindra. Mandray anjara amin'izany ny Fiangonana fa tsy mianona fotsiny amin'izao.

Ao anatin'izany anefa dia miantso ny zanany rehetra Izy mba hiara-miasa, hifarimbona hifanampy amin'izany adidy lehibe izany. Hoy indrindra ary ny Papa Benoît XVI tamin'izany : ***" Koa ny Kristianina rehetraàry no antsoina hihavana amin'Andriamanitra. Fa amin'izay ianareo vaoafaka ho tonga mpamitrana fihavanana, eo anivon'ny ankohonan'ny Fiangonana sy ny fiaraha-monina iainanareo sy iasanareo"***[5]. Koa ny rehetra no asaina hihavana sy ho mpampihavana. Izany dia efa fanavaozana ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly ary fandraisana anjara feno amin'ny asa fanirahana ny Fiangonana. Hitantsika ary iarahantsika mahalala ny zava-misy eto amin'ny firenentsika, ao amin'ny fiaraha-monina sy ny fianakaviana ary na eo anivon'ny vondrona sy nyfikambanana samihafa aza; manjaka ny fankahalana, ny fialonana, ny ady, ny kolikoly, ny fanararaotana sy ny maro hafa koa. Asa miandry antsika izany rehetra izany. Mila mandray andraikitra isika, mila miaina sy maneho ny maka kristianina antsika na ny maha lahika antsika.

FANDINIHANA SY FIFAMPIZARANA

1- Ho anao izao no atao hoe lahika?
2- Araka io fampianaran'ny Fiangonana io, inona avy no asa anirahana ny lahika sy andraisany Anjara ao amin'ny Fiangonana?
3- Tena ilaina ve ny asan'ny lahika ao amin'ny faitra misy anao? Nahoana?
4- Ezaka atao hitorianany Vaovao Mahafaly aty afrika ny firotsahana amin'ny famitranam-pihavanana ary ny fampanjakana ny rariny sy ny fiadanana. Efa mba nandray anjara tamin'ny iray tamin'ireo ve ianao? Nahomby ve? Inona ny olana? Inona nososo-kevitra omenao mba hahafahana manao an'ireo?

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Miezaka hatrany isika hampirindra sy hampifandray ny fomba fanabeazana malagasy sy ny fomba fanabeazan'i Don Bosco. Ny anton'izany moa dia ny mba hahafahantsika mampita araka ny tokony ho izy ilay harem-pahasoavana sarobidy avy amin'i Don Bosco ho an'ireo ankizy sy tanora malagasy. Mitohy hatrany àry ny fandalinana ataontsika mikasika ireo fomba fanabeazana roa ireo. Manampy antsika rahateo koa moa izany mba handalina ihany koa ireo hasina sy soatoavina sarobidy ananantsika malagasy. Hatolotra antsika tsikelikely amin'ny fomba mirindra moa izany fandalinana izany.

NY FANABEAZANA NENTIM-PAHARAZANA MALAGASY SY NY FOMBA FANABEAZAN'I DON BOSCO

NY FITIAVANA TSY VOAZARAZARA (Amorevolezza)

[4] Africae munus, Fanentanana apôstôlika avy amin'ny Papa Benoît XVI, NN°167-169.
[5] Africae Munus N°169

"Ny adalan'ny hafa hihomehezana fa ny adalan'ny tena tafian-damba". Io no isan'ireo teny filamatra misarika ny Malagasy hanabe sy hanoro lalana ny taranany. Tsy midika ho fanavakavahana io, na dia eo tokoa aza ny hoe "ny adalan'ny hafa hihomehezana", fa entina manamafy ny hevitra tiana ampitaina ao amin'ilay tapany faharoa hoe "ny adalan'ny tena tafian-damba". Izany hoe matoa misy ny fananarana atao amin'ny zanaka ao an-trano dia tsy fanalam-baraka na fihomehezana azy no antony fa ny hanalana henatra ka hanafiana lamba azy.

Tsy voazarazara tokoa ny fitiavan'ny Malagasy: izany hoe tsy mba manavakavaka ny Malagasy ary tsy miandry tambiny fa feno ny fitiavana atolony ny taranany: "tsy mijery arina an-tava" no filazany azy. Rehefa mahita tsy mety eo amin'ny toetran'ny mpiara-monina izy dia miteny sy milaza am-pahatsorana, araka ny hitsiny, an'izay hitany.

Tsy miandry an'io fotoana hahitana lesoka sy tsy mety io nefa izy vao mihaona na mifampidinika amin'ny taranany fa saika isan'andro dia manokana fotoana ho an'izany mihitsy: io ilay nataony hoe sekoly amorom-patana. Amin'ny fotoana mampalalaka ny ankamaroan'ny mpianakavy no isian'izany fihaonana izany ka matetika dia ny takariva rehefa miverina avy niasa iny ka miandry ny fahavononan'ny sakafo hariva no fotoana tsara indrindra. Ny afo ao an-dakozia no solon'ny jiro manazava sy manome hafanana amin'izany. Ary ny zokiolona ao an-trano no mitarika ny dinika.

Fotoana hanamafisana ny fifankahafantarana sy fifankatiavan'ny mpianakavy io fotoana io ary betsaka ny lohahevitra azo itondrana an'io fotoana io: fampianarana, fananarana, fanitaran-tsaina, fandravonana izay mety olana mitranga, fifamelan-keloka, fampitam-baovao, sns….

Araka izany dia miseho amin'ny endriny maro ny dinidinika amorom-patana fanaon'ny Malagasy, mba hahatonga azy hahaliana ny mpianakavy hatrany ary indrindra hisarihana ny fon'ny zanaka hahay mihaino ny ray aman-dreny fa tsy hnadray azy ireo ho toy ny olona masiaka sy manasazy ary mitsikera fotsiny ihany.

Ny ANGANO no isan'ny fitaovana iray izay nampiasain'ny Malagasy teo amin'io sekoly manokana io. Tantara noforonina ny angano, kanefa tsy hoe noforonina avy amin'ny aingam-panahy mandalo, fa noforonina noho ny fahatsapana ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-monina. Manana lohahevitra manokana tiana ampitaina ny angano, izay matetika voafintina amin'ny hoe:

- Fiarovana ny madinika,
- Tsy hanenenana fa ahitana voka-tsoa hatrany ny fijoroana amin'ny marina,
- Tsy misy very anjara ny tsirairay fa samy manana ny azy na dia ireo heverin'ny fiaraha-monina fa farany indrindra aza,
- Tsy misy asa soa very maina fa samy mijinja ny ataony ny tsirairay,
- Ny fiaraha-monina tsy manary ny mpanao ratsy fa manampy azy kosa hiova toetra sy hiala amin'ny asa ratsiny,
- Ireo tsy mety miova dia manary ny tenany tsy ho isan'ny fiaraha-monina.

Tanjona roa matetika no tian'ny Malagasy hahatongavana eo amin'ny fitantarany angano iray dia fananarana na koa fampitandremana. Tsy dia tia mandratra olona amin'ny fanambarana mivantana izay tsy mety nataony ny Malagasy ka dia tamin'ny alalan'ny angano tantarainy no nanairany ny feon'ny fieritreretan'ny zanany. Rehefa avy nihaino angano ny zanany dia mandinika ny fiainany ary maka lesona ho an'ny tenany amin'izany. Ho an'ireo tsy voakasika mivantana amin'ilay tantara kosa dia mahazo fampianarana ho an'ny tenany ka miezaka ny handrindra ny fiainany ho ara-drariny.

FIFAMPIZARANA:

1/ Inona no tanjona kendren'ny Malagasy amin'ilay **"sekoly amorom-pantana"** na ny takariva amorom-patana? Inona avy ireo taranja nampiasainy tamin'izany?

2/ Misy hitovizany amin'ny sekolin'i Don Bosco ve io **"sekolin'ny Malagasy"** io? Hamarino amin'ny ohatra mazava ny valinteninao.

3/ **"Ny Fitiavana"** no isan'ny andry lehibe iray iorenan'ny fanabeazana hoy i Don Bosco. Hoy kosa isika Malagasy **"Zaza tiana tsy itsitsiana rotsa-kazo"** ary **"tsy mety ny mijery arina an-tava"**. Tanjona iray ihany no kendren'ireo fomba fiteny ireo ary tena mifameno sy mifampiankina tanteraka izy ireo. Inona io tanjona io? Hazavao ireo fifamenoana sy fifampiankinana ireo?